SIMPONA, SIFAKA, SADABE

Anarana siantifika: *Propithecus diadema*

Ny Simpona, na Sifaka na Sadabe no karazana sifaka lehibe indrindra. Noho ny lokony mazava izay tena miavaka tokoa, dia sarotra ny manafangaro azy amin'ny varika hafa. Varika mavitrika mandritra ny andro izy ireo ary eny ambony hazo no tena ahitana azy. Miovaova isaky ny vaninandro ny sakafony, fa amin'ny ankapobeany dia voankazo, voa, voninkazo ary ravinkazo tanora no tena hoaniny. 2 katramin'ny 8 eo ny isan'ny Simpona miara miaina. Ny vavy no tena mitondra sy lohany ao amin'ny vondrony.

Toetry ny fiarovana

Ny Simpona dia isan'ireo biby eo ambavan'ny faharinganana na **Critically Endangered** ao amin'ny lisitra mena an'ny IUCN noho ireo isany izay mihena haingana dia haingana, sy ireo vondron'izy ireo izay hita manalavitra ny vondrona hafa.

Faritra jeografika

Mipetraka any amin'ny ala antsinanan'i Madagasikara ny Simpona. Eritreretina fa izy no tena karazana sifaka tena miparitaka indrindra na dia vitsy aza izy.

Tsindry

Ny tsindry mihatra amin'ireo Sifaka dia ny fahasimban'ny ala fonenany noho ny tavy, ny doro ala sy ny fanapahana hazo. Ireo Sifaka hita ao amin'ny faritra Tsinjoarivo koa dia nahitana fihenana ny isany noho ny famokarana toaka tsy ara-dalàna. Betsaka koa ireo izay ompian'ny mponina any an-tokatranony, izay mahatonga ny fihenany satria tsy afaka miteraka ireo.

Mpikambana LCN MIASA HO FIAROVANA ny Sifaka: anisan'izany: Madagasikara Voakajy, Sadabe, Madagascar Fauna & Flora Group, GERP, ary Association Mitsinjo.

Toerana ahitana azy: Andasibe National Park (150km miala an'Antananarivo)
Anjozorobe (100km miala an'Antananarivo), Marotandrano Special Reserve
Ambatovaky Special Reserve